*Un jeune ne peut tenir en place dix minutes, et encore moins des heures entières, ainsi qu'on le lui demande quelquefois à l'école. Il faut nous rappeler qu'il souffre, mentalement et physiquement, d'une « démangeaison de croissance ). Le meilleur remède c'est de changer d'activité, de le laisser courir un moment ou d'organiser une danse de guerre. (*Ny tanora dia tsy ho azo hazonina hipetraka ao anatin'ny folo minitra, na mandritra ny ora maro, koa izany,no hitakiana aminy izany matetika any an-tsekoly. Tsy maintsy tsiahivina amintsika anefa fa mijaly izy, na ara-tsaina, na ara-batana, ny amin'ny fitomboana mangidihidy. Ny fanafody tsara indrindra dia ny manova ny lahasa, na ny mamela azy hihazakazaka kely, na manomana dihy mirindra)

*Il y a cinq pour cent de bon, même dans le pire caractère. Le jeu consiste à les découvrir, et ensuite à les développer jusqu'à une proportion de 80 ou de 90 %. (*Misy dimy isan-jato tsara, na dia amin'ny manana toetra amam-panahy ratsy indrindra aza. Ny lalao no hahitana azy,dia avy eo hampitomboana ireo tsara ireo ho tonga hatramin'ny 80 na 90%)

## 3-Tanjona, ny zava-kendrena ary ny laharam-pahamehan'ny Rafi-pikambanana Skoto Nasionaly (OSN)

Satria mbola tsy niresaka ny foibe fanabeazana eo anivon'ny Rafi-pikambanana Skoto Nasionaly (FSM) dia andao aloha ny an'ny fikambanana nasionaly (ASN Association Scout National) izay misy ny TEM Tily eto Madagasikara no ezahina ho sainina lalina.

Ny zava-kendrena na tanjona araka izay voalazanan'ny fitsipika fototra

- Vavolombelon'i Jesoa Kristy
- Olom-pirenena vanona
- Andrin'ny fianakaviana

Laharam-pahamehan'ny Tily eto Madagasikara

1- Fandalinana ny soatoavina Malagasy,

2- Fampivelarana ny fahaiza-mamorona,

3- Fikajiana ny fandriam-pahalemana

4- Fiarovana , fahadiovana, fahasalamana

5- Fiarovana ny Tontolo iainana,

6- Fifehezana ireo tetika sy teknolojia vaovao

Eto anefa dia hararatina ihany ny hitondra fanazavana amin'ny fomba fanoratana ny tanjona sy zava-kendrena.

***Tanjona (but)***

*Le but est la finalité ou l'objectif d'une action ou d'un plan.*

Ny tanjona dia ny fiafarana na zava-kendren'ny asa na drafitra iray.

Ireto misy karazana fomba fanoratra tanjona vitsivitsy

*Ce programme vise à renforcer les voies de communication entre le personnel*

Ity fandaharana ity dia mikendry ny hanamafy ny lalam-pifandraisana eo amin'ny samy mpiasa

*Ce programme vise à renforcer le leadership, l'esprit d'équipe et l'estime de soi.*

Ity fandaharana ity dia mikendry ny hanamafy ny fahaiza-mitarika, ny ain'ny ekipa ary ny hasin'ny tena.

*Ce programme vise à aider les dirigeants à collaborer avec les employés pour établir les objectifs appropriés.*

Ity fandaharana ity dia mikendry ny hanampy ny mpitantana hiara-hiasa amin'ny mpiasa mba hametraka zava-kendrena mifanaraka amin'izany.

*Ce programme vise à améliorer la qualité de vie des collectivités où la présence de la compagnie est importante*

Ity fandaharana ity dia mikendry ny hanatsarana ny kalitaon'ny fiarahamonina ka ao anatin'izany dia zava-dehibe ny fisian'ny fisakaizana.

*Ce programme vise à améliorer l'accès des personnes handicapées aux services d'enseignement postsecondaire*

Ity fandaharana ity dia mikendry ny hanatsarana ny fahafahan'ny olona sembana miditra amin'ny asa fampianarana ambaratonga faharoa.

***Zava-kendrena (Objectif)***

Ny zava-kendrena dia tokony ho **MAZAVA** (SMARTe) tsara

**M**ety azo faritana tsara ny zavatra atao ary mifatohitohy ny asa.

**A**zo refesina na ny habehany sy ny hatsarany

**Z**avatra neken'ny mpandray anjara

**A**zo tanterahina tsara

**V**oafaritra ao anatin'ny fotoana voafetra

**A**ry mikajy ny tontolo iainana

Ireto misy matoanteny vitsivitsy natao hiaingana

| FAHALALANA | FAHAIZA-MANAO | TOETRA |
|---|---|---|
| hanazava | Afaka | Hanaiky, Handray |
| Hanoritra, hilaza, hamaritra | Hampiseho | Hanaja |
| Hamantatra, hikaroka, | Handray anjara | Hanaiky ny mahasarobidy ny |
| Hanao lisitry ny | Hampivelatra, hampitombo | Hitondra tena toy ny... |
| Hanambara, hitantara | Hamorona | Hitsara |
| | Hanao | Hiaiky |
| | | Hahtatakatra, hankasitraka |

Ireto misy ohatra fehezanteny entina mandrafitra ny zava-kendrena

*Après cette activité, les participants : auront compris et manifester les qualités d'un bon animateur*

Aorianan'ity lahasa ity, ny mpandray anjara dia : hahatakatra sy hampiseho ny toetra tsaran'ny mpanentana

*Après cette activité, les participants : auront compris et appris comment travailler ensemble pour résoudre les problèmes.*

Aorianan'ity lahasa ity, ny mpandray anjara dia : hahalala sy hianatra ny fomba fiaraha-miasa mba hamahana olana

*Après cette activité, les participants : auront compris et mis en pratique le travail d'équipe dynamique*

Aorianan'ity lahasa ity, ny mpandray anjara dia : hahatakatra sy hampihatra ny asan'ekipa mavitrika

**TSARA HO FANTATRA**

***Qu'est-ce qu'un objectif éducatif ?***

Un objectif éducatif est un résultat attendu au terme d'un processus éducatif, exprimé en termes de capacités nouvelles à acquérir.

Il est important, à ce niveau, de faire une distinction claire entre plusieurs concepts différents:

• **Principes éducatifs** - les valeurs qui orientent une approche éducative

• **Buts éducatifs** - l'intention de l'éducateur

• **Objectifs éducatifs** - les capacités que l'éduqué doit avoir acquis au terme de l'expérience éducative

• **Pré-requis -** des connaissances, attitudes ou compétences qui sont indispensables pour s'engager dans une nouvelle étape d'un processus éducatif

Les buts éducatifs sont généralement orientés vers l'éducateur, ils expriment ses préoccupations, ses intentions, alors que les objectifs éducatifs mettent l'accent sur l'éduqué lui-même, sa démarche et ses acquisitions.


Toute action éducative consiste à conduire l'éduqué d'un état initial à un état nouveau.

#### 4– Tomban'ezaky ny fandaharan'ny tanora eo an-dalam-panatanterahina


Hanaovana tomban'ezaka ny fandaharana ka mametraka ireo masontsivana sy mari-drefy entina manamarina ny ezaka vita.

Ary tsy maintsy hanaovana tomban'ezaka ihany koa ny mpandray anjara tsirairay tao anatin'ilay fandaharana

Tahaka ny inona ilay boaikely teo am-panombohana ilay fandaharana na ilay lahasa dia toy ny inona izy ankehitriny.




**FINTINA AN-TSARY**



TILY ETO MADAGASIKARA
2014 - 2018
« Ny hoavy no aorintsika »

BP 771 Foyer des Jeunes • Antsahamanitra
mail : foibe .tily@scout.mg
web : www.scout.mg

« Asehoy ny tenanao ho fianarana ny asa tsara » Tit 2:7

Faritany :…………………………………………………………………………………………… Fivondronana :……………………………………………………………………………………

Faritra :……………………………………………………………………………………………… Sampana:………………………………………………………………………………………….

# FANDAHARAM-PANABEAZANA Taona : 20 …/20 …

Natao teto ……………………………………………………

| Ny Mpiandraikitra | Ny Tonia | Ny Komitim-pivondronana | Ny Filoha |
|---|---|---|---|
| | Hita androany : …./…./…. | Hita androany : …./…./…. | Hita androany : …./…./…. |
| *Sonia &Anarana* | *Sonia &Anarana* | *Sonia &Anarana&Fitomboka* | *Sonia &Anarana&Fitomboka* |

Fotoana fivoriana : isaky ny………………………………………………………….amin'ny ………………………………hatramin'ny ………………………………………….
Toerana : ………………………………………………………………………………………….Adiresy paositra : …………………………………………………………………………….
Tél : …………………………………………………………………………………………. Adiresy mailaka : ……………………………………………………………………

| **TANJONA:** | **Ity fandaharana ity dia mikendry ny** hampandray anjara ny tily hirotsaka bebe kokoa ho an'ny fiaraha-monina amin'ny alalan'ireo laharam-pahamehana efatra (Fandalinana sy fampiainana soatovina Malagasy sy soatovina tily,Fiarovana ny tontolo iainana,Fampivelarana ny fahaiza-mamorona,Fifehezana ireo tetika sy teknologia vaovao) | | |
|---|---|---|---|
| **TELOVOLANA I** | **TELOVOLANA II** | **TELOVOLANA III** | **TELOVOLANA IV** |
| **LAHARAM-PAHAMEHANA** | **LAHARAM-PAHAMEHANA** | **LAHARAM-PAHAMEHANA** | **LAHARAM-PAHAMEHANA** |
| Fandalinana sy fampiainana soatovina Malagasy sy soatovina tily | Fiarovana ny tontolo iainana | Fampivelarana ny fahaiza-mamorona | Fifehezana ireo tetika sy teknologia vaovao |
| **ZAVA-KENDRENA** | **ZAVA-KENDRENA** | **ZAVA-KENDRENA** | **ZAVA-KENDRENA** |
| Ao aorian'ity fandaharana ity, ny tily dia hahafantra ny kolotsaina eo anivon'ny faritra misy azy sy soatoavina tily | Ao aorian'ity fandaharana ity, ny tily dia afaka hikajy sy hiaro ny tontolo iainana | Ao aorian'ity fandaharana ity, ny tily dia afaka hanao famoronana amin'ny akora efa fanary, dihy, haisoratra, sary | Ao aorian'ity fandaharana ity, ny tily dia afaka hampiasa ny tambazotra sosialy |
| **LAHASA** | **LAHASA** | **LAHASA** | **LAHASA** |
| 1.Hanao fandrahoana vary amin'anana mandritra ny lasy<br>2.Hilalao katro sy fanorona<br>3.Hitsidika toerana fanaovana sary sikotra<br>4.Hikaroka tantarana Poeta Malagasy<br>5.Hanazava ireo soatoavina tily | 1.Hanadio ny toeram-pivoahana sy fidiovana ao amin'ny toeram-pivoriana<br>2.Hanamboatra fantana mitsitsy vita amin'ny biriky<br>3.Hanamboatra bidon afahana manasantanana<br>4.Hamboly voninkazo na legioma ao tokotany | 1.Hamorona baby foot vita amin'ny baoritra<br>2.Hanao logo ho an'ny sokajiny<br>3.Hamorona dihy mirindra<br>4.Hamorona tonon-kalo | 1.Hanokatra compte mail<br>2.Hizara sary mikasika ny tontolo iainana ao anaty facebook<br>3.Hahafantatra ireo fahaiza-miaina tokony atao rehefa mitelefaonina<br>4.Hampiasa messenger rehefa milasy |
| **MASON-TSIVAN-TOMBAN'EZAKA** | **MASON-TSIVAN-TOMBAN'EZAKA** | **MASON-TSIVAN-TOMBAN'EZAKA** | **MASON-TSIVAN-TOMBAN'EZAKA** |
| Nafantatra ny akora sy fitaovana ilana rehetra amin'ny fandrahona vary amin'anana sy fizotrany<br>Nandray anjara tamin'ny lalao<br>Nahafantatra ny akora fanaovana sikotra sy ny fitaovana ilaina<br>Nahafantatra tantara ana poeta roa ary voarakitra an-tsoratry ny isan-tsokajy<br>Nanao lisitra ireo soatoavina tily | Nandray anjara tamin'ny fanadiovana ny antoko<br>Nahatsangana fantana iray isan-tsokajy<br>Nizara fitaovam-panasana tanana iray avy ny sokajy ho an'ireo mpikambana mpanao hanimasaka<br>Nanana vonikazo na legioma ao antokantranony ny mpikambana roa ao anaty sokajy iray | Nahavita baby foot vita amin'ny baoritra ny sokajy<br>Nahavita logo ny isan-tsokajy<br>Nahaforona dihy mirindra 1 isan-tsokajy<br>Nahaforona tonon-kalo ny sokajy | Nanana compte mail ny sokajy sy ny mpikambana<br>Nahavita nizara sary 2 isaky ny sokajy ary afaka nanao fanehoan-kevitra<br>Nanana raki-tsoratra mikasika ireo fahaiza-miaina amin'ny telefaonina<br>Nandray anjara tamin'ny firesahana tamin'ny messenger nandritra ny lasy |

**TETIANDRO TELOVOLANA FAHAROA**

| DATY / LAHASA | JANOARY | | | | FEBROARY | | | | | MARTSA | | | | AIZA? |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 7 | 14 | 21 | 28 | 4 | 11 | 18 | 22 | 25 | 4 | 11 | 18 | 25 | |
| Iraisam-pirenena<br>Andron'ny mpanorina | | | | | | | | | | | | | | |
| Nasionaly | | | | | | | | | | | | | | Tranompokon'olona Analakely |
| Synodam-piangonana | | | | | | | | | | | | | | |
| Faritany | | | | | | | | | | | | | | |
| Faritra | | | | | | | | | | | | | | |
| Sampana | | | | | | | | | | | | | | |
| 1.Hanadio ny toeram-pivoahana sy fidiovana ao amin'ny toeram-pivoriana | | | | | | | | | | | | | | Antanimbarinandriana |
| 2.Hanamboatra fantana mitsitsy vita amin'ny biriky | | | | | | | | | | | | | | Antanimbarinadriana |
| 3.Hanamboatra bidon afahana manasan-tanana | | | | | | | | | | | | | | Soavina |
| 4.Hamboly voninkazo na legioma ao tokotany | | | | | | | | | | | | | | An-tokantran'ny LS |
| Sokajy | | | | | | | | | | | | | | |
| 1.1 Hamantatra sy hampiasa ireo fitaovam-pidiovana | | | | | | | | | | | | | | Fizahan-tany |
| 1.2.Hikaroka ny voka-dratsin'ny loto eo amin'ny vatana sy ny fiaraha-monina | | | | | | | | | | | | | | Fizahan-tany |
| 2.1.Hanamboatra fantana araka ny akora hita any an-dasy | | | | | | | | | | | | | | Antanimbarinandriana |
| 2.2. Hahandro mofo sakay ho an'ny sokajy | | | | | | | | | | | | | | Antanimbarinanandriana |
| 3.1.Hianatra tekinika fanadiovan-drano | | | | | | | | | | | | | | Antanimabarinandriana |
| 3.2. Hifanina haka sary toerana famatsiandrano amin'ny manodidina | | | | | | | | | | | | | | Fizahan-tany |
| 4.1.Hanao fanadihadiana amin'ny mpivarotra voninkazo sy voan'anana | | | | | | | | | | | | | | Fizahan-tany |

**Anaran'ny lahasa :** Hanamboatra fantana mitsitsy vita amin'ny biriky

**Tompon'andraikitra :** Takatra Mahefa

**Fitaovana ilaina :** Biriky 4, fera korinera2 m 3 sm ny tavany, Takelaby 20 sm x 20 sm iray, Bilao misy ekiroa mandeha kile 13 13 isa, kile 13 iray, tsofam-by iray, perisezy 1. Metatra, fera fisaka 30 ny tavany 120 sm, poanitao 1, maritoa 1, angadim-biriky

**Daty :**25/02/2017 sy 26/02/2017

**Faharentany :** 150 min

**Toerana :** Antanimbarinandriana

**Zava-kendrena :** Aorinan'ity lahasa ity, ireo mpikambana ao anaty sokajy dia afaka hanangana fantana mitsitsy.

**Fizotrany:**

***Fampidirana (5 min):*** Araka ny efa nolazaina tamintsika tamin'ny eriny dia hanangana fantana mitsitsy isika. Vonony ary ireo fitaovana efa nafarana. Misy dingana maro no arahana mandrambavita ny fantana. Isaky ny dingana no mifaninna ny sokajy.

***Dingana voalohany (20 min)*** :Tapahana 30 sm ny fera korinera. Atao miisa 4. Manomboka ny lalao rehefa manome baiko ny mpiandraikitra. Marihana ny laharana ny sokajy arakaraka ny fahavitany. Omena isa 10 ny voalohany dia mihena isa 2 isaky ny laharana

**Dingana faharoa (20 min):** Mitovy amin'ny etsy amin'ny dingana voalohany ny fepetry ny lalao saingy tapahina 20 sm

**Dingana fahatelo (20 min)** : Lavahana mifandrify amin'ny perisesy eo amin'ny antsasak'ilay fera 30 sm sy ny fera 20 sm

**Dingana fahaefatra (20 min) :** Aforitra inefatra ilay fera fisaka ary asiana lafaka 5 ka ny roa eo amin'ny 1 sm miala amin'ny lohan'ilay vy, ary ny telo isaky ny fiolanana dia mana lavaka mifanadrify amin'ny eo amin'ny tendro ambony amin'ilay fera korinera 30 sm.


**Dingana fahadimy (20 min) :** Lavahana amin'ny poanitao ilay takelaby 20 sm x 20 sm mba ho lasa tsikalam-pantapera.

**Dingana fahaenina (20 min)** : Atambatra amin'ny bilao ny vy rehetra

**Dingana fahafito (20 min) :** Silahana amin'ny angadim-biriky manaraka ny lavany ilay tokony ho 4 sm ny hateviny. Atao izay hahatafidirany ao anatin'ilay fantana.



RAFI-BY



RAFI-BIRIKY JERENA AVY ANY AMBONY

**Fanamarihana :**Rehefa hita fa tsy ho vita ao anatin'ny fivoriana iray ilay lahasa dia azo zaraina roa ilay lahasa.

**Anaran'ny lahasa :** Hilalao katro sy fanorona

| | |
|---|---|
| **Tompon'andraikitra :** Lendroga Sahy | **Fitaovana ilaina :** tsaoka, saritany nalaina tamin'ny google map, Voa katsaka 25 isa, voa tsaramaso 25 isa, |

| | | |
|---|---|---|
| **Daty :12/11/2016** | **Faharentany; 2ora** | **Toerana : Antanimbarinandriana-Antaninarenina—Ambohijatovo** |

**Zava-kendrena : Aorian'ity :** Aorinan'ity lahasa ity, ireo mpikambana ao anaty sokajy dia afaka handray anjara amin'ny lalao fanorona sy katro

**Fizotrany:**


***Fampidirana (5 min):*** Araka ny efa nolazaina tamintsika tamin'ny eriny dia hivoaka kely ny faritry ny fivoriana isika hitsidika toerana filalaovana fanorona isika, Ary ao anatin'izany no ahitana hanovozana fahalalana sy fahaiza-manao manakasika ny fanorona..

***Dingana voalohany (20 min) :*** Zaraina saritany avy ny sokajy, misy manoro ny lalana aleha, marihina fa tsy mitovy ny lalana andehanan'ny sokajy tsiirairay saingy iray ihany ny toerana aleha. Ary omena hafatra miafina avy ny sokajy (jereo ny fomba filalao fanorona)

**Dingana faharoa (20 min):** Rehefa tonga eo Antaninarena ny sokajy dia mijery ny fomba filalao fanorona. Irahina mankany amin'ny zaridain'Ambohijatovo indray ny sokajy.

**Dingana fahatelo (60 min) :** Maka latabatra vato sy seza vato ary manororitra fanoron-tsisy sy katro,. Zaraina roa ny sokajy iray. Ny antsasany manao katro ary ny antsasany manao fanorona. Dia mifamadika indray ny sokajy avy eo. Ary mifaninana amin'ny sokajy mbola tsy nihaona tamin'ny.

***Famintinana :*** Na dia tsy voafaitra mazava aza ny daty nahaterahan'ny fanorona dia azo lazaina fa mety tamin'ny manodidina ny taon-jato faha-15 na tany ho any. Ny azo ambara kosa dia lalaon antsaina natoka ho an'ny zazavavy ny katro.





**Fanamarihana :**

Tsara ho an'ny mpiandraikitra ny mandalina ny lalao katro sy fanorona alohan'ny hampilalaovana azy.

<table>
<tr><td colspan="3">Anaran'ny lahasa : Hanao logo ho an'ny sokajiny</td></tr>
<tr><td colspan="2">Tompon'andraikitra : Lagaroka Mikolo</td><td>Fitaovana ilaina : Logo naliana tamin'ny gazety, ambalazy, lakaoly, penisiily hazo miloko, sikotsitra</td></tr>
<tr><td>Daty :17/06/2017</td><td>Faharentany; 2ora</td><td>Toerana : Antanimbarinandriana</td></tr>
<tr><td colspan="3">Zava-kendrena : Aorian'ity : Aorinan'ity lahasa ity, ireo mpikambana ao anaty sokajy dia hahaforona logo ho azy ny sokajy tsirairay.</td></tr>
<tr><td colspan="3">Fizotrany:</td></tr>
<tr><td colspan="2">Fampidirana (5 min): Araka ny efa nolaizana tamin'ny eriny dia efa samy nitondra logo nalaina tamin'ny gazety avy ny sokajy. Ny tanjona dia ny hahanareo loharanon-kevitra hamoronanareo logo ho an'ny sokajinareo.<br><br>Dingana voalohany (20 min) : Asaina apetaky ny sokajy amin'ny ambalazy ny logo rehetra izay hitany sy efa notapatapahiny tamin'ny gazety nentiny avy any an-trano. Ary asiana anaran'ilay logo eo ambany. Avy eo dia araikitra amin'ny sikotsitr amin'ny rindrina ilay ambalazy.Ny sokajy maharesy dia izay manana logo be indrindra ary tsy misy manana mitovy aminy. Toy ireny mampiadry ravina ireny.<br><br>Dingana faharoa (20 min): Zaraina taratasy misy logo ana fiara ny sokajy. Asaina mandeha eny amin'ny sisin'arabe amin'izay ny sokajy mijery fiara misy ilay logo ary mametaka ny anarana hitany eo amin'ny taratasy misy ny logo.<br><br>Dingana fahatelo (20 min) : Zaraina taratasy misy sary indray ny sokajy . Asaina tapatapahy, ary sampy mandoko logo tsirairay ary ny tsirairay ao anaty sokajy, Atao mitovy loko amin'ny tena izy.<br><br>Dingana fahaefatra (20 min) : Samy mamorona logo ho an'ny sokajiny ny tsirairay ao anatiny sokaky. Rehefa samy nahaforona ny tsirairay dia manao fampitahana ny logo vitany ny mpiray sokajy ary misafy logo iray entiny mifaninana eo amin'ny antoko. Rehefa tonga eo amin'ny antoko indray dia manao fifidianana miafina ny tsirairay misafidy ny logo ny sokajy izay hitany fa tena tsara. Mahatoky ny tily ka izay hitany fa tena maharesy lahatra azy no ho fidiany.<br><br>Famintinana :<br><br>Tsy voatery ho an'ny sokajy mandrakizay ny logo, fa lalao toy ny lalao rehetra, azo ovaina ary afaka miova. Ny mpiray</td><td></td></tr>
<tr><td colspan="3">Fanamarihana :<br><br>Jereo ny logo etsy aoriana</td></tr>
</table>


Ford
SCION
BMW
BUGATTI
PORSCHE
SAAB
VOLVO
BIZZARRINI
AUTOMOBILI
LAMBORGHINI
ELFIN
SPORTS CARS
ALFA ROMEO
LANCIA
ASTON MARTIN
PAGANI
LOTUS
MORGAN
ROLLS
ROYCE
MASERATI

mazda

MITSUBISHI
MOTORS

RENAULT

**Anaran'ny lahasa :** Hahafantatra ireo fahaiza-miaina tokony atao rehefa mitelefaonina

| | | |
|---|---|---|
| **Tompon'andraikitra :** Jakala milefitra | | **Fitaovana ilaina :** finday iray avy isaky ny sokajy, labozia sy brike iray avy isaky ny sokajy. |
| **Daty :**08/07/2017 | **Faharentany; 2ora** | **Toerana :** Antanimbarinandriana |

**Zava-kendrena : Aorian'ity :** Aorinan'ity lahasa ity, ireo mpikambana ao anaty sokajy dia hahafantatra ireo fahaiza-miaina tokony atao rehefa mitelefaonina

**Fizotrany:**

***Fampidirana (5 min):*** Anio isika araka ny efa nifanarahana tamin'ny fandrafetana ny fandaharana dia hiresaka ny mahakasika ny fahaizana miaina rehefa mandray na miantso an-telefaonina, Efa samy nitondra ilay finday misy puce Airtel daholo ny sokajy hanaovana fampiharana

***Dingana voalohany (20 min) :*** Manomana taratasy misy fanontaniana marobe misy valiny eo ambany, Apetaka amin'ny rindrina ireny. Asaina mamaky ny sokajy rehefa tapitra ny fepotoana nomen'ny mpiandraikitra dia manomboka mametraka ny fanontanina tao amin'ilay taratasy teo ny mpiandraikitra. Samy omena labozia iray avy ny sokajy ka izay maharehitra ny labozia mialoha no mamaly ny fanontanina.

**Dingana faharoa (20 min):** Manamboatra dikisionera sms amin'ny teny Malagasy azo ampiasan'ny antoko. Samy manangona fanafohezanteny efa fampiasa ny sokajy tsirairay.

Toy izao ny fomba filalao azy,: mipetraka manao faribolana toy ny manao karatra ny sokajy ka ny LS no eo aloha. Soratan'ny sokajy ao anaty taratasy kely 4 sm x 3 sm ilay fanafohezan-teny. Ary apetraka eo anoloany. Ny sokajy ambiny kosa mametraka ny dikana amin'ny teny malagasy ofisialy ao anatin'ny taratasy kely 4 sm x 3 sm. Raha misy sokajy roa mahita ny dikany dia lany fa io teny ampiasan'ny sokajy ho fifaneraserana amin'ny sms.

**Dingana fahatelo (30 min) :** Hanao teatra kely amin'ny teny vahiny. Zaraina amin'ny sokajy ny taratasy misy firesahana amin'ny telefaonina amin'ny fiteny vahiny. Asaina manao famerenana kely mandritra ny 10 min ny sokajy tsirairay. Avy eo ny mamaky ilay resadresaka toy ny manao teatra radiofonika ny solon-tena roa isaky ny sokajy.

Ny 40% dia avy amin'ny mpiandraikitra iray, ny 60% dia avy amin'ny latsabaton'ny solontena 2 isaky ny sokajy.

***Famintinana :***

Raha fintina dia tsara ny mifanaja amin'ny olona ifandraisana antelefaonina. Ary atao izay hahatafitohina ny hafa. Raha toa ka misyfahadisoana tsy nahy ka mety niteraka fahasorenana ho an'ny hafa

Ny tsara indrindray dia ny miala tsiny izany dia mba hihainana ilay hoe havan'ny olona rehetra ny tily.

**Fanamarihana :**

Tsara foana ny manomana karazana fanentanana hafa sy hira mba tsy hamonamonaina ny lahasa

Ny telefaonina an-trano na am-birao (Téléphone fixe).

***Ahoana ny fomba fandraisana telefaonina?***

Tsara raha maneno eo amin'ny fanitelony dia tokony ho voaray ny telefaonina.

***Amin'ny firy no tokony hiantso raha hitelefaonina am-birao?***

Tsara raha mandritra ny ora fiasana no miantso raha mitelefaonina am-birao eo anelanelan'ny 9 ora ka tramin'ny 11 ora ary manomboka amin'ny 2 ora ka hatramin'ny 4 ora.

***Ahoana ny fomba fanehoam-pitenenana rehefa mitelefaonina?***

Aza miteny miadana loatra fa tsy afaka hiandry anao mandritra ny tontolo andro ilay olona antsoina, Aza mitena haingana loatra fa mandrary mamerimberina teny matetika ilay olona nantsoina

***Iza no manakapoka telefaonina voalohany?***

Ilay miantso no tokony hanapaka ny antso voalohany. Tsy tena zava-dehibe anefa izany fa ao anatin'ny fahazarana fotsiny.

***Ahoana ny fampiasana hôparilera?***

Tsy tsara ny mampiasa hoparilera raha tsy efa nahazo alalana tamin'ny ilay olona mifampiresaka ary efa nampifantarina azy ny olona mihaino

***Ahoana ny fomba fampiasana fehezanateny rehefa mitelofaonina?***

Mampiasa fehezantena Tsotra Fohy sady Mazava (TFM).

***Rehefa amin'ny fotoana inona no tokony ho vonoina tanteraka ny telefaonina?***

Vonoy ny finday rehefa ao ampiangonana, mamangy fahoriana, mamonjy fivoriana na fiofanana.

***Inona ny fahalalam-pomba kely tsara ho fantatra rehefa mandray telefaonina?***

Miarahaba, ny mampafantatra ny tenanao (Fanampin'anarana sy anarana, na orin'asa iasana).

***Inona no tokony hatao raha tsy mandray telefaonina na tsy azo ilay olona nantsoina?***

Apetraho amin'ny sms ny hafatra, raha malala fomba izy dia hiverina hiantso anao na hibipe anao na andefa hafatra antsoy aho.

***Inona no tokony atao raha mety hisy fahatapahana ny antso?***

Teneno ilay olona mifamiresaka fa any anatin'ny faratampon'ny tranobe ianao, na any anaty fiara, na any ambanivohitra lavitry ny tambazotra ka mety ho tapakatapaka ny antso.

